LOCAL GOVERNMENT INSTITUTIONAL CASE STUDY

COMMUNE URBAINE MORONDAVA

Lohateny: "Vehivavy sy lehilahy miara-miasa no mitondra any amin'ny fahombiazana."

MOMBAMOMBA NY KAOMININA

Firenena	**Madagasikara**
Kaominina	**MORONDAVA**
Karatr'isa voalahany	74
Karatr'isa farany	88
Mponina	75 000
Mampiavaka Manokana	Famokarana hazan-dranomasina
Tompon'Andraikitra	RAKOTOMALALA Irma
Andraikitra	**Vice Présidente de la Délégation Spéciale**
Finday	rakotomalalairma@yahoo.fr

Ny kaominina Morondava dia manana mpanolo-tsaina 4 dahy ary vehivavy iray. 31 ny isan'ny mpiasa vehivavy ary 42 ny lahy, ivotoerana mendrika nanomboka ny 08 oktobra 2012. Efa nahavita ny dingana rehetra maha ivo-toerana mendrika azy ny kaominina ary efa miezaka ny hampiatra ny drafitr'asa izay efa lanin'ny mpanolo-tsaina rehetra.

Tafiditra ao anatin' ny "budget primitive" 2013 ny fampiharana ny miralenta ary hita fa atao laharam-pahamehana ny fangatahana ataon'ny vehivavy amin'ny fanatanterahana azy.

Eo ihany koa ny hetsika lehibe atao isan-taona ho fanentanana mahakasika ny ady amin'ny herisetra mahazo ny vehivavy

Ampandraisina anjara amin'ny sehatra ny vehivavy eo amin'ny kaominina. Ohatra amin'izany dia ny vehivavy no nanarina ny lalana ravan'ny cyclone Haruna teo Nosikely (fokontany touristique).

Hatramin'ny naha-ivo-toerana mendrika dia maro ny zavatra niova teo amin'ny kaominina. Anisan'izany ny fampitomboana ny fahaizana manohana ny Miralenta amin'ny haino aman-jery, ny fanentanana lehibe arahina adihevitra: fiaraha-miasa tamin'ny "Centre d'écoute et de conseil

juridique" « ampela tsihala ». Teo ihany koa ny fambolena ovitoko (dioscorea alata) teo amin'ny fokontany Betania: vokatra maro no azo ary maro ihany koa ireo nahazo tombotsoa. anisan'izany I Kapelany izay sady nikambana amin'ireo vezo ampela mpihaza , ka nanao ny paika SIKO, ary samy nahazo "sasy" tsirairay , ary ny vadin'izy ireo koa amin'izao dia manao ezaka ahazoana lakana tsirairay. Satria sady miakatra ny vokatra ovitoko no mahazo vola amin'ny fihazana.

Eo andanin'izany ny fanaganana ny fikambanan'ny ampela vezo, ary nanao ny tetik'asa "mahalomba natà kelikely: SIKO". Afaka nifanampy izy enina vavy dia samy nahazo sasy (voile) hihazana izao. Ny vadin'izy ireo koa dia manao toy izany: efa lakana roa izao no azo ny volana febroary 2013.

Na eo azan y ezaka atao atao dia hita fa mbola misy fanamby maro ihany amin'ny fampidirana ny miralenta eo amin'ny kaominina dia ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra. Mbola tsikaritra tsy mbola eken'ny fiaraha-monina any an-toerna ny fisian'ny vehivavy mpitarika. Eo ihany koa ny tsy fisian'ny famatsiam-bola entina hanatannterahana ny hetsika fanentanana.

Ny dingana manaraka kasain'ny kaominina atao dia ny anapariahana manerana ny fokontany 18 ny fampiharana ny miralenta, amain'ny alalan'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fanohanana ireo mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA. Eo ihany koa ny fampidirana any amin'ireny servisy tsirairay na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ny fampiharana ny miralenta.